Filazana Aroloza Manan-danja

Fepetra aroloza an-tsitrapo momba ny milina fandamalama (meuleuses d’angle), mahakasika:

- **ny andiany GWS 20, GWS 22, GWS 24, PWS 20, PWS 1900, PWS 2000 avy amin’ny vanim-potoam-pamokarana Jona hatramin’ny Aogositra 2016**
- **ny modely GWS 24-230 JVX Professional misy hisatra avy amin’ny vanim-potoam-pamokarana Febroary hatramin’ny Oktobra 2016.**

Bosch Power Tools dia manome lanjany lehibe ny aroloza sy ny kalitaon’ireo fitaovana vokariny. Ny fahafaham-pon’ny mpampiasa milina no laharam-pahamehanay lehibe indrindra. Noho izany, tianay ny hampahalala fepetra aroloza an-tsitrapo iray anao.

Voafaritra nandritra ny fanaraha-maso miandalana ny kalitao nataonay fa, noho ny singa misy tsininy iray, ilay kapila manapaka na mikiky miaraka amin’ilay teza iraiketany (axe) dia mety hitsoaka mandritra ny fampiasana ireo milina fandamalama izay voafetra ny isany. Noho izany, dia tsy azonay atao tsinontsinona ny mety hisian’ny fahatapahana na faharatrana amin’ny tranga mahalana.

Mba hamitanay ny adidinay amin’ny mpanjifanay, dia nanapa-kevitra izahay ny hampamerina ireo fitaovana mety voakasika rehetra mba ho fitandremana ary, raha ilaina, hanamboatra na hanolo ireo fitaovana. Araka ny tokony hataonay, dia hanamboatra na hanolo maimaim-poana ireo fitaovana voakasika izahay.

Tsy misy hataka andro, tsy azo ampiasaina na omena ny hafa intsony ireo milina fandamalama voakasika. Raha toa ka efa namidin’ny mpampiasa milina na nomeny olon-kafa ilay fitaovany izay mety voakasik’ity fampamerenana ity, dia angatahinay am-pahatsorana ny mba hampitany faran’izay haingana ity fampitandremana aroloza ity amin’ilay olona namarotany na nomeny ilay fitaovana mba hahazoana antoka fa tsy ampiasaina intsony ireny vokatra ireny.

Voakasiky ny fampamerenana ireto manaraka ireto: fitaovana namboarina tany Rosia andiany GWS 20, GWS 22, GWS 24, PWS 20, PWS 1900, PWS 2000 avy amin’ny vanim-potoam-pamokarana Jona hatramin’ny Aogositra 2016 ary ny modely GWS 24-230 JVX Professional misy hisatra avy amin’ny vanim-potoam-pamokarana Febroary hatramin’ny Oktobra 2016. Azo fantarina mazava amin’ny alalan’ny firenena nanamboarana azy miaraka amin’ny laharan’andian’ny fitaovana izy ireo (jereo ny pejy manaraka):

Modely	Laharan’ny fitaovana	Laharan’andiany
GWS 20-230 H	3601H50102 / 3601H50L01 / 3601H50L03 / 3601H50L62 / 3601H50L72 / 3601H50L73	606… - 608…
GWS 20-230 JH	3601H50M01	606… - 608…
GWS 22 - 180 H	3601H81102 / 3601H81L02 / 3601H81L62 / 3601H81L72	606… - 608…
GWS 22-180 JH	3601H81M02	606… - 608…
GWS 22 - 230 H	3601H82103 / 3601H82L03 / 3601H82L63 / 3601H82L73	606… - 608…
GWS 22 - 230 JH	3601H82202 / 3601H82M03 / 3601H82M32 / 3601H82203	606… - 608…
GWS 24-180 H	3601H83101	606… - 608…
GWS 24-180 JH	3601H83M01	606… - 608…
GWS 24-230 H	3601H84101 / 3601H841P1 / 3601H84L01	606… - 608…
GWS 24-230 JH	3601H84201 / 3601H84M01 / 3601H84204	606… - 608…
GWS 24-230 JVX	3601H64505 / 3601H64U07 / 3601H64Z05	602… - 610…
PWS 20-230	3603C59W09	606… - 608…
PWS 1900	3603C59W08	606… - 608…
PWS 2000-230JE	3603CC6000 / 3603CC6030	606… - 608…

Ny modely, ny firenena nanamboarana ary ny laharan’ny fitaovana sy laharan’andiany dia misoratra eo amin’ny takela-karazan’ireo fitaovana (plaque signalétique) toa izao:



Amin’ny aterineto, ao amin’ny tranonkala www.anglegrindercare.com no ahafahan’ny mpanjifa mizaha hoe voakasik’izany ve ny milina fandamalamany.

Mahonena anay ato amin’i Bosch Power Tools ilay olana ara-kalitao nitranga ary miala tsiny amin’ny mpanjifa rehetra voakasik’izany izahay.